Ny Valosoa sy hadihady

Arovava sy orona

Fahadisoan'ny fitondrana ny tsy fanerena ny fanaovana azy

Miha-mitombo indray ny olona mitondra ny tsimokaretin'ny coronavirus amin'izao fotoana, noho izany, fahadisoan'ny fitondrana ny tsy fanerena ny olona hanao arovava sy orona. Maro ireo olona nifanerasera tamin'ny gazety teny an-tsena teny, no nilaza fa fahadisoana tanteraka tokoa ilay fanapahan-kevitra nataon 'ny fanjakana momba ny fahalalahana ny fampiasana na tsia ireny arovava sy orona ireny. Tao ireo nilaza fa mora ho anareo ngetroka olona ambony, ny miteny izany satria ianareo dia tsy mifangaro loatra amin'ny vahoaka ety an-dalambe, tsena, fiara fitaterana sy ny sisa, ka tsy mahita ny izay vokany, ary raha sendra voan'ny aretina tonga dia tsaboina any ivelany avy hatrany. Tao ireo nilaza fa raha atao malalaka ny tsy fitondrana azy ireny, maninona no mbola terena rehefa miditra birao, banky, fiara fitaterana sy ny sisa… nefa eny an-dalambe eny mihitsy aza no tena ahiana mafy tokoa raha ny rivotra sy ny hatsiaka, indrindra fa ny loto iainantsika no jerena. Ny gripa rahateo efa mahazo vahana, ny fanasana tànana efa tsy voahaja, ny vidin-tsavony efa tsy takatra, ny Gel efa tsy re firy intsony.

Tsorina fa raha vao nivoaka io filazana io, dia niakatra avo roa heny indray ireo nianjadian'ny covid 19, tsy hita intsony izay fomba azo antoka sy mety, mba ho fiarovana toy izay efa mba natao tany aloha, Analamanga rahateo no tena lasibatra sy atahorana. Ny tahan'ny olona vita vaksiny aza mbola 20% fotsiny ihany, nefa raha vao ny fitondrana arovava sy orona no atao gaboraraka, dia inoana fa hihena ihany koa ny faharisihana hanao vaksiny fiarovana. Marihina fa efa betsaka ireo mpizahatany vahiny tonga eto, ny ankizy efa hiala sasatra, hiara- dia eny rehetra eny, ny fety aman-danonana efa ho avy (Barea 19 -26 jona), ka tsy tokony hanomezana izany fahalalahana tsy hanao arovava sy orona izany. Tokony hatao toy ny takon'henatra, tsy hanaovana ambany dia mitanjaka, tsy miakanjo ihany koa miboridana, ka raha tsy misy arovava sy orona ambony dia ho corona avy hatrany izany raha mbola mitohy ny fahalalahana tsy hanao azy.

Beharo

Tsy voavahan'ny ministera sy ny Jirama

Tena fampijaliana vahoaka, tsy rariny intsony ny delestazy

Tena hita fa tsy voavahan'ny ministeran'ny angôvo sy ny orinasa Jirama intsony ity delestazy ity, ny mety amin'ireo tompon'andraikitra voalohany dia ny ministra Andry Ramaroson, sy ny tale jeneralin'ny Jirama Rivo Radanielina dia ny miala, dieny mbola tsy misy ny fahatezeram-bahoaka, ny fahatezeran'ny mpanjifa. Mety hiafara amin'izany ihany mantsy, ny zavatra hisy eto amintsika, raha mbola mitohy izao fampijaliana vahoaka amin'ny delestazy izao. Efa tena tsy rariny intsony mihitsy raha ny fahatapahanj-jiro, raha tsy hiresaka afa-tsy ny tamin'ny omaly: tamin' ny 5 ora maraina dia efa tapaka ny jiro tamin'ny faritra sasany, naharitra ora roa izany. Tapaka indray tamin'ny 8h30 tany ho any, tsy niverina raha tsy tamin'ny 11h30 mahery, izany hoe ora 3 mahery teo io fahatapahana faharoa io. Ny fahatapahana faha-3 farany dia tany amin'ny 6 ora hariva. Nisy fahatapahana in-3 arak' izany, raha nanambara ny ministra fa tsy hisy fahatapahana mihoatra ny indray mandeha intsony mandritra ny iray andro ary ny faharetany dia ora roa, na telo raha be. Ity nitranga omaly ity anefa dia tena tsy rariny, satria lavareny nahatratra ora 6 ka hatramin'ny ora 7 ary in-3 miantoana be izao. Tsy nisy ny asa vita noho izany ho an'ny maro, tsy tenenina intsony ny fitaovana mila rianaratra simba. Ny feo mandeha tamin' ireo mpanjifa aza vokatr' izany dia ny hoe: tsy ny ministra, sy ny tompon' andraikitra voalohany ao amin'ny Jirama ihany no tokony hiala, fa hatrany amin'ny filoha Rajoelina mihitsy, satria mpampijaly vahoaka, tsy mahay mitantana, tsy mahavaha izay tena maharary ny vahoaka,…

Niaina

Fakana an-keriny

Mitaky 20 tapitrisa Ar ireo mitazona an'i Sannie

Nitrangana fakana an-keriny ihany koa ny tany Moramanga faritra Alaotra Mangoro, tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity. Mitaky 20 tapitrisa Ar ireo mpaka an-keriny, ka mitazona an'i Sannie, izany no anaran'ilay tovovavy nisy nanao kidnapping io. Tovovavy iray mitondra ny anarana hoe: Raharimiantsa Sannie, tokoa no nisy naka an-keriny tao Sabotsy Anjiro, Moramanga ny alatsinainy 13 jona teo. Mitaky vola 20 tapitrisa ariary amin'ny fianakaviany ireo mpaka an-keriny ankehitriny, raha ny nambaran'ny fiakavian'i Sannie. Efa mandray an-tanàna, manao fikarohana ny mpitandro filaminana avy amin'ny zandarimariampirenena any an-toerana amin'izao fotoana.

Stefa



Ilay tovovavy nisy naka an-keriny tany Sabotsy Anjiro Moramanga.

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Teny ratsy sy teny fandrahonana : voasambotra ry Badoda sy ny namany, ahoana kosa ny amin'I Tatandraza

Grumeau Rasolomampinonona: voasambotra ry Badoda, ahoana kosa ny amin'i Tatandraza, samy manao teny mahery sy fandrahonana izao ihany. Badoda eo ihany fa i Tatandraza koa tsy nisangy, fa nahoana no tsy mba nandray ny andraikiny malaky tahaka izao ny cybercriminalité manoloana ny horonan-tsary nataon'ity mpanohana fitondrana ity? Natao ho an'iza ihany ny lalàna arak'izany?
Anjara Yvon: ny hendry no anarina.
Marius Trésor And: Anjara Yvon: fa i Badoda no tena hendry??
Henri L'ecancere Randriambelona: jereo aloha ny lokon'ny cravat-ny, zay vao maika ny hanao pub.
Harisoa Rakotomaro : ekipan-dRajoelina i Tatandraza dia tsy samborina.
Rakekël Kratös Mathusalem : ty Tata ity efa olo fôka tsy misy jery! Kkkk!
Tafita Ravosoa : hahahaha, tena latsaka aho !
Fanomezana Fafa : dia gaga enao, mety ilay teny ratsy no nisamborana fa tsy ilay fandrahonana.
Rado Rado: ny lalàna eto wa d natao hanagejana ny madinika, ts adala zany io f mody adala, ilain'ny fanjakana atao manipulateur, @ zay tsika manadino ny fiakaran'ny vidim-piainana.
Aina Lucas : ny eto rehef mpanohana ny mpitondra doublons dia afaka manao izay tiany sy mafinaritra azy ka. Na manompa, na miteny ratsy, na manozona olona, na manao menaces, na mamafy lainga, na manenjika olona, na maniratsira... azony atao daholo, tsy misy bedy tsy misy fanenjehana... Izay ilay fitondran'ny V…
Ël Jøh Rasitrakiniaina : avotsory barabasy.
Fidimalala Randriamandimbisoa : ty bandy Tata ty mihintsy no mpandoto saina tsy misy ilàna azy sady mpiseho mpandrahona mapme be.
Vonjy Harivola Andria : ka ny an-dry Badoda tena izy lay sabatra fa tsy plastique!
Lova Rajaofeno : Vonjy Harivola Andria: ôtrany tena izy koa ny an'i Tatandraza a!
Jean Eric Rakotoniaina : ty Tatandraza ty kosa efa hita fa adala e! Tsy avotra tsony.
John Andriahasinoro : zah dia mba gaga , ny an lay Tata ty aza tena antsy be mihitsy no narangarangany sady mihantsy fandringanana ! Fa rehefa resaka manohana fitondrana tokoa ve zany dia tsy miasa ny cybercriminalité, fa rehefa ry Badoda kely no mba mihantsy dia voasambotra anaty 24 h. Aza asiana balansy mitongila kosa e!

TONONKALO

MILA MBA MAHITA KOA !

Vao dimy minitra ve no tapaka dia niseho ny hatezerana ?
Angaha dia tena tsy hay nafenina na mba nasiana fandeferana?
Sa dia nolazaina indray fa hoe karazan-tsabotazy?
(Ho anareo mpitondra mantsy tsisy ny delestazy !)

Mila mba mahita koa fa aza maika hiakatra afo.
Aminay ny jiro tapaka efa niova ho sakafo.
Ny orinasa efa novana ho JIRAMATY indray ny anarany,
Noho ny jiro sy ny rano tapaka tsy misy farany !

Mila mba mahita koa fa aza mieboebo lava.
Izao no tohin`ny hagegena izay nataonareo mpandrava !
Manantomotra ny ora hifaranan`ny tantara,
Ka tantazo re ny tody fa haneno ny anjomara !

Mila mba mahita koa fa aza faly hihetraketraka,
Sy hanenji-dava ny mpanohitra fa mahaiza re mipetraka.
Ianao no voky tombontsoa sy miaina anatin`ny mazava,
Fa ny fiainanay vahoaka tena potika sy rava !

…Ka dia mila mba mahita ianao mpitondra tsy ankanavaka.
`Ndeha jereo ny firenena fa mizotra ho any an-davaka.
Miovà `nareo rehetra havanana amin`ny asa maizina,
F`aza ny vahoaka hatrany no potehina sy faizina !

DADAN`i ZINA (11-06-22)